Gazette Tohiravina 9 -.pdf 1 18/09/2025 16:18:06

GAZETY
# tohiravina
TERAKA

www.teraka.org - n° 09 - Aogositra 2025 - MAIMAIMPOANA



**Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika**

**Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :**

**1- IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANDOAVAMBOLA MIALOHA**
**2- FOMBA FANAO TSARA AZO ALAIN-TAHAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA SOA LOVAINJAFY**
**3- NY ALA : tononkalo nosoratan'ny mpikambana TERAKA avy any amin'ny Kaominina Manazary Itasy**
**4- IREO FIOVANA MADINIDINIKA AO AMIN'NY FIFANARAHANA ARA-BAROTRY NY TAHIRY KARBAONA**

Ry tantsaha namana,
mahavelom-bolo tokoa ny mahita ny fandraisana andraikitra sy ny ezaka lehibe asehon'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fandaharanasa TERAKA. Vokatra azo tsapain-tanana amin'izany ankehitriny dia ny nahatontosana ny fanisana hazo sy ny firosoana amin'ireo dingan'ny fandoavam-bola mialoha voalohany ho an'ireo mpikambana any amin'ny Distrikan'ny Fandriana sy Soavinandriana izay nanombohana ny fandaharanasa. Faly sy mankasitraka ihany koa izahay amin'ny fahitana ireo Vondrona Madinika miara-mientana, mifampizara traikefa sy fomba fanao tsara eo anivon'ny fiaraha-monina. Tonga ho fitaratra ho an'ny hafa sy ho fanilo mamiratra eo anivon'ny tantsaha izy ireny. Ohatra mivaingana amin'izany ny Vondrona Madinika Soa Lovainjafy, izay miaina sy mampihatra ireo soatoavina fototra TERAKA. Ankehitriny, mitohy hatrany ny diantsika. Mba hahazoana manaraka ireo fenitra iraisam-pirenena sy hiantohana ny faharetan'ny fandaharanasantsika, dia nisy fanitsiana sasantsasany natao amin'ny fifanarahana ara-barotra momba ny tahiry karbaona. Anisan'izany koa ny fepetra vaovao manomboka apetraka momba ny fametrahana marika manokana amin'ny hazo rehetra efa voaisa. Mitaky fiaraha-mientana sy fandraisana andraikitra avy amintsika rehetra izany. Alao hery ary ka hataontsika soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra ny fampandrosoana ny fandaharanasantsika.

Gazette Tohiravina 9 -.pdf 2 18/09/2025 16:18:06

# 1. IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANDOAVAMBOLA MIALOHA

Alohan'ny hisitrahana ny tombom-barotra azo avy amin'ny fivarotana Karbaona dia mandray ny antsoina hoe fandoavam-bola mialoha aloha ny mpikambana TERAKA. Mba hahafahana misitraka izany, ny tantsaha dia tokony hanaja ireo fepetra mikasika ny taninkazo, ho mpikambana anaty Vondrona Madinika, hanana hazo voaisa mihoatra ny 1 taona izay manaja ny fepetran'ny fambolen-kazo, nahavita sonia ny fifanarahana ara-barotry ny tahiry Karbaona. Aorian'izay dia tokony hanaraka ireto dingana ireto izy ireo :

**- Fanisana ny hazo**

Rehefa feno 1 taona ny hazo novolen'ny mpikambana dia manatanteraka ny fanisana hazo ireo mpanisa hazo. Midina ifotony eny amin'ny tanin-kazo ireto farany mba hanisa ny hazo sy hanamarina ny fanarahana fepetra. Misaotra sahady amin'ny fandraisana azy ireo sy ny fitarihana azy eny amin'ny tanin-kazo.

**- Fanamarihana ataon'ny ekipa teknikan'ny MRV TERAKA**

Aorian'ny fanisana hazo dia misy ny fanamarinana ataon'ny ekipa teknikan'ny MRV ato amin'ny fandaharanasa TERAKA mba hiantoka ny kalitao sy ny fahamarinan'ny fanisana hazo. Marihina fa amin'ity dingana fanamarinana ity dia mety hisy fiovana ny sisin'ny tanimboly sy ny isan'ny hazo, noho ny fepetra takiana. Raha misy fanovana, dia ampahafantarina amin'ny mpikambana ny anton'izany

**- Fanamarinana sy fanaovan-tsonia faktiora ataon'ny vondrona**

Rehefa azo avokoa ireo antotan-kevitra mahakasika ny Vondrona Madinika sy ny hazo dia arakitra anaty fakitiora ny isan'ny hazo azo ekena sy vola mifandraika amin'izany isaky ny Vondrona Madinika. Alefa any amin'ireo mpikambana izany mba hohamarininy ka rehefa ekeny dia manao sonia izy ireo.

**- Fandoavambola mialoha**

Aorian'ny fanaovan-tsonia ataon'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika dia averina aty amin'ny foibe nasionaly ny faktiora. Ny fandoavam-bola mialoha dia alefa amin'ny alalan'ny kaonty volan'ny solontena isaky ny vondrona izay voafidin'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika. Ho an'ny Distrikan'ny Fandriana Amoron'i Mania sy Distrikan'ny Soavinandriana Itasy dia efa eo andalam-pikarakarana ny fandoavam-bola mialoha ho an'ireo mpikambana nahafeno fepetra ny ekipa nasionalin'ny fandaharanasa TERAKA. Ankasitrahana indrindra isika tantsaha rehetra voakasik'izany noho ny fiaraha-misalahy, ny fahafoizana fotoana ary indrindra ny faharetana nasehontsika. Matoa tonga amin'izao dingana izao isika, dia vokatry ny asa iombonana sy ny fandraisana andraikitry ny tsirairay, izay mampiseho fa tena velona sy miorim-paka ny soatoavina TERAKA eo anivon'ny fiarahantsika. Hitombo hasina hatrany tompoko.




# 2. FOMBA FANAO TSARA AZO ALAIN-TAHAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA SOA LOVAINJAFY

Vondrona Madinika iray ao amin'ny Kaominina Mahazoarivo Fandriana ny Vondrona Madinika Soa Lovainjafy. Anisan'ireo Vondrona Madinika niforona tamin'ny fanombohan'ny fandaharanasa izy. Raha fintinina amin'ny teny iray dia azo atao fitaratra tokoa ity Vondrona Madinika ity. Anisan'ny nandrisika azy ireo hiditra mpikambana TERAKA ny fitsinjovana sy fitiavana ny taranaka amam-para ka te hamela tontolo mendrika ho an'ny taranaka.

Isaky ny alahady folakandro no manatanteraka ny fivorian'ny Vondrona Madinika izy ireo ka mavitrika aoka izany ireo mpikambana. Anisan'ny tena mampazoto azy ireo ny fahafahany maneho hevitra sy ny fahaiza-mitarika amin'ny alalan'ny fifandimbiasam-pitarihana. Mifampizara ireo fomba fanao tsara,

Gazette Tohiravina 9 -.pdf 3 18/09/2025 16:18:06

miady hevitra amin'ny mety ho fanatsarana ny amin'ny lafi-pianana rehetra izy ireo mandritra ny fivoriana. Tsy mialon-jafy ity Vondrona Madinika ity fa tia mizara tokoa, mandritra ny fivoriany matetika dia asainy hanatrika ireo tantsaha izay liana mba hahafantatra bebe kokoa ny fandaharanasa sy hisitraka ireo fifampizarana marobe ataony. Amin'izao fotoana izao dia Vondrona Madinika telo no efa resiny lahatra ka nanatevin-daharana ny fianakaviamben'ny TERAKA. TERAKA SOA ho azy ireo.

Soa fianatra ho antsika rehetra izany finiavana ananan'ny Vondrona Madinika Soa Lovainjafy izany satria « izay manoro lala-mahitsy mamindra aina hoy ny Ntaolo razantsika ».




## 3. NY ALA : tononkalo nosoratan'ny mpikambana TERAKA avy any amin'ny Kaominina Manazary Itasy

Izahay no ala maintso mavana
Mahasoa ny firenena
Maniry tsara mitandavana
Mahasoa ny fambolena
Izahay no rivotra iainana
Mahasoa ny mpiara-belona
Sady koa tontolo iainana
Mahasoa ny olombelona
Izahay no anaovam-panafody
Itsaboana ireo marary
Betsaka ny voavonjy
Afaka ny maharary
Izahay koa azo atao fanaka
Sakafo tsara aok'izany
Azo atao vola koa
Ao ny mangidy ao ny mamy
Entano ireo namboly ALA
Mba hikarakara tsara
Ilazao izay tsy namboly koa
Fa any aoriana ireo ho voa

*Samuel*

## 4. IREO FIOVANA MADINIDINIKA AO AMIN'NY FIFANARAHANA ARA-BAROTRY NY TAHIRY KARBAONA

Mba hanarahan'ny fandaharanasantsika ny fenitra mipetraka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia misy fanovana vitsivitsy natao tamin'ny fifanarahana ara-barotry ny tahiry Karbaona.

- **Andininy 9c :** Tsy manapaka hazo mandritra ny vanim-potoanan'ny fandoavam-bola amin'ny tetikasa manontolo, afa-tsy amin'ny vanim-potoana manokana ahazoana alalana antsoratra avy amin'ny iTERAKA, mandritra ny fampiharana ara-teknika ny Ala Vadim-boly novolavolaina sy nohavaozin'ny fandaharan'asa TERAKA.

Ny fahafahana mikapa 5 % n'ny hazo isaky ny taninkazo aorian'ny faha 10 taonan'ny fambolena dia tsy azo atao intsony.

- **Andininy 9f :** Ireo Tantsaha dia manaiky fa tsy hampiasa ireo hanam-pamokarana simika amin'ny fambolena sy fikarakarana ireo hazo, fa hanome vahana kosa ny fampiasana ireo hanam-pamokarana organika ary ireo karazana zava-manan'aina eny an-toerana na efa mahazaka ny toe-tany eny an-toerana. Ny fampiasana ireo hanam-pamokarana simika dia vahaolana farany, ary aorian'ny fahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny iTeraka.

Ity dika vaovao ity dia manantitra ny andraikitry ny tantsaha, amin'ny alalan'ny fanomezan-danja ny fampiasana akora organika sy ny fambolena karazana zavamaniry teratany na mifanaraka amin'ny toetran'ny toerana.

- **Adiresy foibe any Frantsa :** Clos de La ferme de Bouviers, 1 rue des sangliers, 78280, Guyancourt

Ireo fepetra takian'ny fiovan'ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona ireo dia mitaky fandraisana andraikitra avy amintsika rehetra araky ny soatoavina izay iainantsika. Alao hery ary ry tantsaha namana fa isika no antoky ny fandrosoan'ny fandaharanasantsika sy ny tanindrazantsika.

## TSARA HO FANTATRA MARI-PAMANTARANA NY HAZO VOAISA

Taorian'ny fitsirahana nataon'ireo mpitsiri-ka iraisam-pirenena, dia ilaina ny fametra-hana marim-pamantarana ireo hazo voaisa mba hahafahana manatsara ny fanara-ha-maso sy ny fitantanana ny hazo.

Nandritra ny fivorian'ny biraon'ny filanke-vim-pitarihana TERAKA, ny 20 Aogositra lasa teo dia maro ireo sosokevitra natolotra mahakasika ny fametrahana ny marika amin'ny hazo. Ny fifanakalozan-kevitra dia nivoaka ireto soson-kevitra manaraka ireto:

- Fanomezana laharana ny hazo (izay novolena voalohany dia omena ny laharana 1) izay mifandraika amin'ny fotoana nanaovana ny fanisana hazo sy ny sarin'ny tanin-kazo.
- Tsy azo omena laharana mitovy ny hazo maty fa omena laharana vaovao.

Ny fomba hametrahana ny marika dia amin'ny alalan'ny:

- Fandokoana ny tahon'ny hazo amin'ny loko tsy voafafa, araky ny kaody voalaza teo ambony
- Na fanasiana marika amin'ny tapa-kazo voasokitra sy afatotra amin'ilay hazo.
- Na fanasiana marika amin'ny tavoahangy metaly (canettes) efa niasa, voatetika sy nasiana laharana famantarana.

Ry mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika, asaina isika hiresaka momba ity lohahevitra ity mandritra ny fivoriana manaraka. Aza misalasala mizara hevitra sy soso-kevitra mandritra ny fivorian'ny Klastera manaraka – sarobidy ny fandraisantsika anjara.

Izany no atao dia mba hahafahana mamantatra ny hazo tsirairay sy manamora ny fanarahana.

Gazette Tohiravina 9 -.pdf 4 18/09/2025 16:18:06

# FIVORIAN'NY FILANKEVIM- PITARIAHANA TERAKA ANDIANY FAHATELO



Fivorian'ny biraon'ny filankevim-pitarihana TERAKA

Ny alarobia 20 Aogositra 2025 lasa teo no tontosa ny andiany fahatelo amin'ny fivorian'ny biraon'ny filankevitry ny mpitarika TERAKA. Ireto avy ireo lohahevitra noresahana nandritra oizany :

- Soso-kevitra momba ny fametrahana marika famantarana ny hazo
- Faharetan'ny fandaharanasa sy ny fambolena hazo fanao fanaka
- Fandraisana anjaran'ny mpitarika Klastera
- Fanisana hazo sy fandoavam-bola mialoha
- Ireo fiovana madinidinika ao amin'ny fifanarahana ar-barotry ny tahiry Karbaona sy ny fomba fitarainana TERAKA.

## FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA

### Mahafaty ny hazo ve ny fandrefesana ny karbaona?

Tsia. Mijanona velona hatrany ny hazo ary tsy misy fiantraikany aminy ny fandrefesana ny karbaona. Tsotra, tsy misy atahorana ary tsy manimba satria dia metatra lamba no ampiasaina amin'ny fandrefesana ny hodidin'ny vatan'ny hazo eo amin'ny haavo 1,30m miala ny tany. Rehefa azo izany dia iny refin'ny hodidiny iny no ikajiana ny savaivony.

## IREO MPIKAMBANA TERAKA NY DATY 28 AOGOSITRA 2025

| Faritra | Isan'ny mpikambana nisoratra anarana tsy mbola anaty Vondrona Madinika | Isan'ny mpikambana efa anaty Vondrona Madinika | Isan'ny Vondrona Madinika | Isan'ireo mpikambana nahavita sonia ny fifanarahana EMH |
|---|---|---|---|---|
| Amoron'i Mania | 1 779 | 2 393 | 292 | 610 |
| Itasy | 3 671 | 2 261 | 305 | 211 |
| Vakinankaratra | 182 | 240 | 30 | 0 |
| Alaotra Mangoro | 1 477 | 949 | 127 | 0 |
| **Totaliny** | **7 109** | **5 843** | **754** | **821** |

GAZETY Tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Hery Nambinina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC

TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

**Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :**
**+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11**